OSTIE Behoririka

Hamboarina ho maoderina kokoa

Nangonin'i Jean D.

Mitohy ny fanatsarana ny tolotra omen'ny OSTIE ireo orinasa mpikambana ao aminy sy ny fiahiana arapahasalamana ny mpiasa sy ny fianakaviany. Hita taratra izany amin'ny fandraisana an-tanana ny marary ary mifanindran-dalana amin'izay ny fanatsarana ny fotodrafitrasa ho maoderina kokoa miaraka amin'ny fampitaovana manaraka ny fenitra iraisam-pirenena takian'ny vanim-potoana. Niainga tamin'ny fanorenana dispansera vaovao teny Mahalavolona Andoharanofotsy io fanatsarana io, nitohy teny Ilafy, ary farany teo ny teny Anosivavaka Ambohimanarina. Ny dispansera Behoririka, izay misy ny foiben'ny OSTIE, indray izao no dingana fahefatra hohavaozina amin'ireo dispansera valo misy hatreto. Noho ny fitombon'ny olona mampiasa sy mivezivezy ao, izay ny ampahefatry ny fianakavian'ny mpiasa, dia tapa-kevitra ny hanitatra sy hanatsara ny fotodrafitrasa ao ny mpitantana. Haharitra herintaona eo ny asa, hanomboka ny alakamisy 1 novambra izao. Midika izany fa hisy fanovana lehibe. Haparitaka amin'ireo dispansera OSTIE eto an-tanàna ireo olona manan-draharaha ao na mila fitsaboana. Misafidy ireo mpikambana araka izay maha metimety amin'izy ireo na ho eny Ambohimanarina na Anosibe na Ampasamadinika. Fiangaviana ny anay, hoy ireo mpampiasa ny OSTIE satria ho fanatsarana ny fomba fiasa sy ny fandraisan-tanana ny mpikambana no anton'ny fandaminana. Na eo aza anefa izany dia mitohy kosa ny fitsaboana nify ao Behoririka. Hahafantatra bebe kokoa ity fandaminana ity ny mpikambana ao amin'ny OSTIE mandritra ny fivoriambe arapotoana hataon'izy ireo rahampitso alakamisy.